Toamasina , faha 20 Desambra 2023

Filohan'ny fikamban'ny APE

Ny talen'ny sekoly

Ho an'ny ray amandrenin'ny mpianatra

Antony : tatitra momban'ny telo volana voalohan'ny taom-pianarana 2023-2024

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ry ray aman-dreny hajaina ,

Tontosa soa aman-tsara iny ny telo volana voalohan'ny taom-pianarana izay nisongadinan'ireo asa aman-draharaha tato amin'ny lise frantsay , ka noho izany dia voninahitra ho anay no mizara aminareo ireo fihetsiketsehana isan-karazany tato amin'ny lise izay maneho ny fandraisana andraikitra ny fitambaran'ny ekipa momba ny vina rehetra ato amin'ny sekoly, izay napetraka indrindra ary koa ireo fikarohana nataon'ireo mpianatsika amin'ny ankapobeny.

Araky ny mahazatra , ny fotoana dia nifarana amin'ny fivorina momba ny kilasy tsirairay sy ny fihaonan'ny mpampianatra sy ny ray aman-dreny izay maro ianareo no nandray anjara, ka fisaorana mitafotafo no atolotray ho anareo. Ireo rehetra izany dia mampiseho ny mahazava-dehibe ireo fiaraha miasan-tsika sy ny rohy mamatotra ny tsirairay amin'ny fanarahana sy ny fahombiazan'ny mpianatra , izay tsy iza kosa fa zanakareo.Ny tanjonay dia mijanona avo , tsy mamela n'iza n'iza eo amoron-dalana am-pitazomana ny haavon'ny fepetra takiana ho an'ny mpianatra tsirairay anatin'ny fanajana ny fanavaozana miandalana.

Maromaro ireo teboka nanamarika ny fotoana septambra-desambra iny :

- Fifidianan'ireo solontenan'ny mpianatra, mpiasa ary ny ray aman-dreny:
- Ny fanaovan-tsonia momban'ny fifanarahana APE/MDLC
- Ny herin'andro ny lise frantsay maneran-tany (
- Fampanofanana ireo solotenan'ny mpianatra
- Andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny VIH/SIDA

Maromaro ireo hetsika izay mampiseho ny firohotan'ny tsirairay tamin'ireo fihetsika samihafa ireo.

Ity fotoana izay vao nifarana ity voamarika toy ny isan-taona amin'ny fanomanana tetibola 2024 voambara sy voafidin'ireo vaomiera mpitantan-draharaha .Araraotinay ity teboka ity mba hilazainay aminareo mba hametraka fitandremana momba ny tetibola izay tsikaritra fa tsy dia nisy teritery loatra .Na dia nitombo isa aza ny mpianatra nandritra ny telo taona farany tatoato , izay reharehantsika , ny famerana ara-bola dia tsy maintsy atao ary hangatahina amin'ny tsirairay mba hanaiky ny ezaka izay atao momba izany.Toy izany koa ny fampaharetana ny sekolintsika, ny asa , ny fiantohana mba hampahomby ireo mpianatsika , ireo foto-drafitrasa sy ny fahafinaretana ara-tsaina.Ny fanekenareo an'ireo ezaka samihafa ireo no hampondroso ny sekoly.

Hotohizana amin'ny fifanandrinana lalao baskety hifaninan'ny mpianatra sy ny olon-dehibe( ray aman-dreny) ny sabotsy 20 Janoary 2024 ho avy izao .Ao koa ny herin'andron'ny fanoroan-dalana mikasika ny fanohizana ny fianarana izay hifaranana amin'ny fihaonambe arak'asa ny sabotsy 27 janoary 2024.Ho hisy koa ny varavana misokatra ho an'ny rehetra .Tanterahina amin'ny volana martsa ny herinandro ho an'ny taranja kajy sy marika.Ny andrana ho an'ny DNB dia amin'ny volana

aprily , fa  ny an'ny kilasy  famarana sy ny kilasy faha 11 kosa dia efa mandeha isaky ny asabotsy maraina  mandavan-taona izany .

Nohon'ny firaketana amin'ny  fazaham-po amin'ny fampadrosoana ny sekoly , mamelà anay ianareo , amin'ny anaran'ny birao misahana ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra sy  ireo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny sekoly hiarahaba anareo sy ny ankohonanareo sahady ho   tratrin'ny fetin'ny faran'ny taona .Mirary soa anareo koa  ho an'ny taom-baovao sambatra ho an'ny taona 2024

Amin'ny fonay manontolo( amin-kitsim-po)

Biraon'ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra

Ramatoa Filoha

Vondron'ny fampianarana

Talen'ny sekoly